
# ALAHADY FAHA 21 MANDAVANTAONA - A



*I KRISTY NO lORENAN'NY FIAINANTSIKA SY NY FAHEFANNY EGLIZY*

Vakiteny I : Iz. 22, 19-23
Tononkira : Salamo 137
Vakiteny II : Rom. 11, 33-36
Evanjely : Mt. 16, 13-20

Ry Kristianina havana, averimberina amintsika matetika amin'izao fotoananny fandalinam-pinoana izao, amin'izao fotoana etrehintsika ny Sinaody izao fa isika EOV no Kristy mpiara-belona amin'olona, Tabernakla velona tahaka an'i Masina Maria  izay nitsangana nandeha haingana namonjy an'I Mb Elizabeta. Isika EOV no irahina hitondra hazavana sy fanasina amin'ireo manodidina antsika mba hahafantaran'ny olona fa làlana sy fahamarinana ary fiainana tokoa i Jesoa. Raha izao tontolo very "fanahy mbola velona", isika kosa Tsy very fa manana "répère" amin'ny làlana handehanana ary manana tanjona dia ny fivelaran'ny fiainana mifototra amin'ny fahamarinana. Nohamafisintsika koa amin'izao isika miatrika ny tapan'ny faharoa amin'ny Sinaody izao fa ny fifandraisana dia anisan'ny maha-olona ka no banjinntsika manokana ny fifandraisana amin'ny zava-boary. Notsipihintsika fa misy fifandraisana lalina amin'ny finoana io fikolokoloana sy fiarovana ny zavaboary io. Mibaribary izany rehefa mankalaza ny Eokaristia isika . Ankoatry ny vokatry ny tany entintsika mankalaza ny Eokarisitia dia fiainantsika manontolo no zary eokaristika. Izany no vokatra antenaintsika amin'izao tapany faharoan'ny Sinaody izao ka mahatonga antsika hivelona ny "Ecologie intégrale" izany hoe tsy dinika fotsiny no ataontsika fa mivelona izay no dinihintsika..

Amin'izao Alahady faha 21 mandavantaona izao dia mifandray amin'izay volaza izay ireo vakiteny asain'ny Eglizy ho dinihintsika. Dinihina manokana momba ny fahefana eo anivon'ny Eglizy, Inona marina moa ny fahefahana? Tsar any manamarika fa anankiray ihany ny

dikan’ny pouvoir sy autorité ho antsika Malagasy nefa tena samihafa ireo. Ny pouvoir fahefahana mamoritra matetika fa ny autorité kosa fahefahana to teny ka mahatonga hanana tahotra mitondra amin’ny fahendrena.

Mazava ho azy fa ny loharano sy fototry ny fahefana dia i Kristy, amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no mifototra ny fahefana. Ary ny fahefan'i Kristy no taratra tsy maintsy entina manatanteraka ny fahefana rehetra ao amin'ny Eglizy. Aoka amin'izao Alahady izao hahatsapantsika fa ny fahefana ao amin'ny Eglizy dia fanompoana. Izany no mahatonga ny anaran'ny Papa Ray masina "serviteur des serviteurs", raha ny fahefana lazain'i Jesoa amin'ny Evanjely dia manana fanala hidy ny fanjakan'ny lanitra tsy hoe fahefana entina hanaovana herisetra, hanilikilihana ny hafa na hanapotehana ny madinika na hamoretana sanatria izany, tsy izay no antony mahatonga an'i Jesoa amanontany n'i Piera ao amin'ny Evanjelin'i Md Matio anio. Apetrany amintsika koa io fanontaniana io : ataon'olona ho iza moa ny zanak'olona ? Efa novakiantsika ny evanjely androany Alahady faha 21 tamin'ny fankalazana ny fetin'i Md Piera sy Paoly, manontany antsika i Jesoa androany : iza marina izy ho antsika ? Raha amin’ny mason’izao tontolo izao dia tsy hahita isika ary voamainka aza ho takona satria mifanohitra amin’ny fomba fijerin’I Jesoa ny fahefahana ny fomban’izao tontolo izao. Namaly i Piera nisolo tena ireo mpianatra sy misolo antsika ihany koa, io fiekem-pinoana nataon'i Piera io dia fiekem-pinoana ho antsika ihany koa : "lanao no Kristy zanak'Andriamanitra" izay midika fa izy no Kristy velona eo anivontsika, mpiara-belona amintsika.

Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny finoana ary izany no alalinintsika, ilay finoana an'i Jesoa velona, tsy Jesoa tantara na soratra fa Jesoa eo anivontsika velona nandresy ny fahatesana i Kristy zanak'Andriamanitra miara-dalana amintsika. Tsy firian-kevitra no mandrafitra ny finoantsika fa i Jesoa velona mpiara- belona amintsika nahafoy ny ainy ho antsika. *"Namaly iSimona Piera ka nanao hoe: "lanao no Kristy Zanak'Andriamanitra velona". Dia namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe: "Sambatra ianao, ry Simona zanak'i Joany, fa tsy ny nofo aman-dra no nanambara izany taminao, fa ny Raiko izay any an-danitra.*

Araka ny voalazantsika teo tsy fomba fijern’izao tontolo izao no afahana mahita an’I jesoa ho Mesia, Mpanavotra fa tsy maintsy MASOM-PINOANA. Fanomezana avy amin'Andriamantira ny finoana hahalana an’I Jesoa, fanomezan’Andriamanitra no hahafantarantsika fa i Jesoa no eo anivontsika kanefa isika koa tsy maintsy mamaly sy miaiky ny fisiany eo anivontsika ary izany no hasambarana.
Tadidintsika fa raha nilaza i Tomà tamin'i Jesoa hoe "Tompoko sy Andriamanitro" raha nahita an'i Jesoa tafatsanga-ko velona dia hoy Jesoa taminy "Sambatra ianao ry Tomà nahita fa nino, sambatra kokoa izay tsy nahita ka mino" izany no fahasambarana, ny finoana no tena mitondra ny hasambarana. Asa raha tsapantsika mino izany hasambarana izany? Mazava ho azy raha ambava fotsiny ny finona fa tsy latsapaka dia tsy mampiova n’inona n’inona. Hahatonga ny finoana ho latsapaka amin’ny fiainana no antony anaovantsika ny Sinaody

Hitantsika izay niseho tamin’I Piera ary indrindra ny teny nataon’I Jesoa izay mizara roa tsara nefa mifameno ary mifaningotra tsy azo sarahina. Ny tapany voalohany manambara fa

fanomezan’Andriamanitra ny masom-pinona ary mitondra amin’ny hasambara. Ny tapany faharoa manambara ny adidy miandry. Tsy natao ho an’I Pierra fotsiny no azo itokisana toa Vatolampy fa isika jiaby ary tsy maintsy miseho eo amin’ny fiainana.

Maro no azo lazaina mikasika ny Evanjely androany izay manambara ny fiekem-pinoan’I Piera fa ny tian'i Jesoa dia ny hahamatotra tsara ny finoantsika

*Ary Izaho milaza aminao fa ianao no Piera (vatolampy) ”* Vato” ka azo atokisana, azo hanorenana ka tsy azo hozongozonina ny finoantsika na dia maro ny mety hanakorontana ny fiainantsika andavanandro izay azo lazaina fa vato satria miorina amin'i Kristy. Averimberintsika matetika fa tsy taranaka mpandrava fa mpanorina isika.

*”Ary eo ambonin'izany vatolampy izany no hanorenako ny Egliziko, ary ny vavahadin'ny afobe tsy haharesy azy”*

Fantaro àry fa tsy hoe Eglizy trano fotsiny no arenina fa Eglizy olona no hahorintsika ary izany ny dikany hoe " *"Homeko anao ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra, ka izay rehetra hofehezinao ety an-tany dia ho voafehy koa any an-danitra, ary izay rehetra hovahanao ety an-tany, dia ho voavaha koa any an- danitra"*
Ny fiainantsika andavanandro io no fototra satria mifototra sy mivahatra amin'ny finoana izany hoe fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Raha vitantsika izany dia miroso amin’ny fanorenana ilay Eglizy Olona, EOV Eglizy vavolombelona, Eglizy olona mino mifototra amin'ny fandalinam- pinoana, Eglizy manompo, Eglizy mandray an-tànana ka na mafy ny rivotra etsy sy eroa dia afaka mijoro hatrany isika ary mitondra fanantenana sy aim-baovao, hery manosika amin'ny fivoarana tena izy eo amin'ny fiainana andavanandro.
Azontsika onogna amin’izao ny anton’ny sinaody mba hamatotra, hamafy orina ny finoantsika ka hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHIANA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA
Izany rehetra izany koa no tian'ny vakiteny roa mialoha ny Evanjely androany ampianarina amintsika mba hahafahantsika miroso hatrany amin'ny lalindalina kokoa amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika.

Ry Jesoa Tompo o, tsy menatra ny finoaka aho ary manome hasina ny finoako mba hanomezanao fahamasinana ahy.
Isika no Piera amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. Katolika isika ka amin'izao andro hamakiantsika manokana ny Evanjely milaza ny fiekem-pinoan'i Piera, aoka isika hahatsiaro manokana ny dimbin'i Piera dia ny Papa Ray masina izay mitarika antsika amin'ny fiainana maha Katolika, zanak'Andriamantira antsika ary hivavaka koa isika mba tsy ho menatra ny finoantsika, tsy ho menatra ny maha Katolika antsika isika.
Ry Jesoa Tompo o , enga anie ny Fanahy Masina hanampy ireo mpitondra ny Eglizinao ankehitriny sy ho avy hahafahan'izy ireo hitari-dalana hatrany anay ho Kristy TABERNAKLA VELONA ho Kristy mpiara-belona eo amin'ny manodidina anay

Ampio izahay ry Jesoa mba hanana finoana velona mari-pototra tokoa ka zary vatolampy hanorenana ny Eglizy olo velomin'ny Batemy miombona miara-dalana mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona izahay Ho EOV vato handrafitra ny Eglizy amin'ny toerana misy anay izahay ka Ianao Kristy no vato fototra dia ny Apostoly no vato fehizoro iorenan'izany Eglizy izany. Samy ho sahy handray an-tanana ny Eglizy izahay na ara-nofo na ara-tsaina na ara-batana na ara-panahy, hameno ireo SAJOA SAOTA ENINA ary ho vonona izahay hikolokolo ny tranobe iombonana araky ny dinika irahanay manao amin'izao tapany faharoa amin'izao Sinaody izao sady tsy vaovao aminay satria efa niarahanay tamin'ny tanora tamin'ny fankalazana ny JMJ teto amin'ny diosezy arak any Teny faneva izay teninao ihany Jesoa : "sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany". Hanatsara ny tranobe iombonana izahay ary io no entinay mivelona ny hafatrao eo amin'ny fiainanay andavanandro mba ho fanehoana fa ny fahafahana tsy fanjakajakana na famoretana na fanapotehana fa fanompoana mikatsaka ny soa iombonana. Masina Maria Reninay tantano izahay zanakao hanompo tahaka anao fa indrindra ireo marefo sy madinika. Md Josefa ampianaro ho tahaka anao izahay. Tsy be miteny fa miasa manavao ny tranobe iombonana ho tsara. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson